Commission Electorale Nationale Indépendante

CENI MADAGASCAR

SEHATRA IFAMPIDINIHANA MIKASIKA NY FIFIDIANANA BEN'NY TANANA SY MPANOLOTSAINA NY 27 NOVAMBRA 2019

DRAFITRA

1. IREO TSARA HO FANTATRA MOMBA NY FIFIDIANANA
2. NY FAMPIELEZAN-KEVITRA
3. NY FIKIRAKIRANA NY VOKA-PIFIDIANANA
4. TENY FAMARANANA

1-IREO TSARA HO FANTATRA MOMBA NY FIFIDIANANA BEN'NY TANANA SY MPANOLOTSAINA

1.1. DIDY AMAN-DALANA MANAN-KERY

- Lalam-panorenana
- Lalàna Fehizoro (LF) 2018-008 tamin'ny 11 May 2018 mikasika ny fitantanana ankapobeny ny fifidianana sy ny fitsapan-kevi-bahoaka;
- LF 2014-020 tamin'ny 27 septambra 2014 mikasika ny loharanom-bolan'ny Vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana, ny fombafomba fanaovana ny fifidianana, ary koa ny fandaminana, ny fomba fiasa ary ny anjara andraikitr'ireo rantsa-mangaika ao aminy,
- LF 2018-011 tamin'ny 11 jolay 2018 anitsiana sy amenoana ny andininy sasantsasany ao amin'ny LF 2014-020 tamin'ny 27 septambra 2014
- Ireo didim-panjakana fampiharana LF 2019-1540, 1541, 1542 tamin'ny 14 aogositra 2019

1.2. MIKASIKA NY FANOMANANA

- Efa vonona ireo antontan-taratasim-pifidianana toy ny Taratasy fitanana an-tsoratra (PV autocopiants), ireo valopy tsy andairan'ny hosoka (enveloppes inviolables), sy ireo kojakoja samihafa. Vokatry ny tantsoroka ara-teknika sy ara-bolan'ny Projet SACEM no nahavitana ireo.
- Efa vita koa ny fanontana ireo lisi-pifidianana, ka ny lisitra izay nofaranana t@ 15 May 2019 ihany no hampiasaina. Amin'ny Format A4 izy io.
- Eo am-panontana azy any @ Imprimerie Nationale kosa ireo bileta tokana, ary vinavinaina ho vita alohan'ny 17/11/19 izany
- Amin'ity herinandro ity ny fanendrena ireo ho Mambran'ny Biraom-pifidianana
- Toy izany koa ny famaritana ny toerana iasana sy ny fanendrena ireo Mambran'ny SRMV
- Efa vita ihany koa ny famaritana ny toerana sy ny fanendrena ireo Mambran'ny Structure Ad-hoc isaky ny Faritany
- Havoaka any @ JORM ato ho ato ny lisitra ofisialin'ireo kandida (Ben'ny Tanàna sy Mpanolotsaina). Ho hita eny @ biraon'ny CED sy ny distrika koa izany

1.2. MIKASIKA NY FANOMANANA (tohiny)

- Fanamarihana lehibe :
- ✓ *Raha misy fanoloana Sefo fokontany dia ilay teo aloha ihany no miandraikitra ny fifidianana kaominaly*
- ✓ *Ny taratasim-pifidianana rehetra dia any amin'ireo Agents Electoraux izay mety ho Sefo fokontany teo aloha*

1.3. TOETRY NY FIFIDIANANA

- Fifidianana roa samihafa no miaraka tanterahina (Ben'ny tanàna sy Mpanolotsaina)(LF 2018-011 tamin'ny 11/07/18 and 17)
- Birao Fandatsaham-bato iray sy Biraom-pifidianana iray ihany ho an'ireo fifidianana roa ireo
- Vata fandatsaham-bato roa
- Trano fisainana roa
- Lisi-pifidianana anaovana sonia roa
- Bileta tokana roa

1.4. TSIAHY MIKASIKA NY FILATSAHAN-KOFIDINA

- Midika fahazoan-dalana hanao fampielezan-kevitra @ fotoana hanaovana izany ny fahazoana ny « Certificat d'enregistrement »
- Fametraham-pialana avy hatrany hoan'ireo Kandidà amperin'asa taorian'ny fahazoany « Certificat d'enregistrement », raha tsy izany dia tratran'ny fanafoanana ny filatsahan-kofidiana na ny « DISQUALIFICATION »
- Zo manendry solontena ho mpikambana tsy maharitra (membre de la formation non permanente) eny anivon'ny Foibe sy ny Rantsamangaika @ alalan'ny taratasy fanendrena ny tompon-toerana sy ny mpisolo-toerana
- Fanendrena ireo mpitam-bolan'ny fampielezan-kevitra (Trésorier de campagne)

1.5. AMIN'NY FISOKAFAN'NY BIRAO FANDATSAHAM-BATO

- Amin'ny 6 ora maraina
- Fisian'ny delege notendren'ny kandida (1 isaky ny BV – miaraka amin'ny taratasy fanendrena azy)
- Fanaovana an-tsapaka ATREHI-MASO ireo mpikambana roa (02) ao amin'ny biraom-pifidianana hanao sonia ny lamosin'ny bileta tokana
- Fitondrana « badge » (delege sy ny kandidà, mpanara-maso) izay efa nalaina mialoha eny @ CENI Foibe na CED
- Ireo mpikambana ao amin'ny biraom-pifidianana, tarihin'ny Filohany ihany no miantoka ny fizotran'ny raharahan-datsabato fa tsy ny Sefo FKT, na ny kandida na ireo delegen'ny kandida, sns)

1.6. NY FIZOTRY NY LATSABATO AO ANATIN'NY BIRAO FANDATSAHAM-BATO (Circuit de vote)

HORONAN-TSARY

1.7. AMIN'NY FIKATONAN'NY BIRAO FANDATSAHAM-BATO

- Amin'ny 5 ora hariva
- Ora iray mialoha dia efa tendren'ny delegen'ny kandida ireo mpanisa vato
- Tsy azo akatona ny birao fandatsaham-bato raha tsy amin'ny 5 ora hariva (eny na dia efa tsy misy mpifidy intsony aza, na amin'ny oran'ny sakafo)
- Angonina kosa ny karapanondrom-pirenen'ireo mpifidy mbola milahatra raha tonga ny @ 5 ora hariva ary mbola afaka mifidy izy ireo.
- Manana zo hahazo ny PV ny kandida izay manana solontena nanatrika sy nanao sonia
- Atao peta-drindrina eo @ varavaran'ny Biraom-pifidianana (and.180, LF 2018-008) ny soson'ny PV

1.8. AORIAN'NY ANDROM-PIFIDIANANA

- Miantso fivoriambe ny tompon'nandraikitra ao @ FKT hamakiana am-pahibemaso amin'ny vahoaka ny fitanana an-tsoratra ny voka-pifidianana (LF 2018 – 008, And. 181)
- Atao peta-drindrina eny anivon'ny Kaominina ny soson'ny PV

2. NY FAMPIELEZAN-KEVITRA

2.1. FAMPAHAFANTARANA ANKAPOBENY

- Ho an'ny fifidianana Ben'ny tanàna sy ny Mpanolotsaina dia mandritra ny roapolo (20) andro izany : 05/11/2019 (6 ora) hatramin'ny 25/11/2019 (12 ora alina). Azo atao ny mamory vahoaka fa **tsy maintsy anaovana fanambarana mialoha fotsiny** any amin'ny Solotenam-panjakana
- Ny komity mpanohana dia tsy maintsy mahazo fanomezam-pahefana an-tsoratra avy amin'ny kandida na ny antoko politika nanolotra ilay kandida vao afaka manao fampielezan-kevitra
- Fahanginana (na silence électoral) ny andron'ny 26/11/19 manomboka amin'ny 12 ora alina
- Fandehanana amin'ny haino aman-jery:
  - *(27 sept 2019) ka hatramin'ny fisokafan'ny fampielezan-kevitra ofisialy (05/11/19): andoavam-bola, tsy miendrika fampielezan-kevitra fa fampahafantarana ny filatsahan-kofidiana (tsy spot sy matraquage)*
  - *Mandritra ny fotoanan'ny fampielezan-kevitra ofisialy 05/11/19 amin'ny 6 ora maraina h@ 25/11/19 amin'ny 12 ora alina): fotoana malalaka ho an'ny kandida araka ny antsapaka natao teny amin'ny CED*

2.2. NY AZO ATAO MANDRITRY NY VANIM-POTOANA MIALOHA NY TENA FAMPIELEZAN-KEVITRA (na « pré-campagne »)

- Ireo asa fanomanana ny mpifidy amin'ny fiatrehana ny fifidianana, ka ireto avy no atao amin'izany :
  - ✓ fampahafantarana ny kandida sy fametrahana ny vondrona mpanohana (comité de soutien/FKT)
  - ✓ fampahafantarana ny mpifidy ny zo sy ny lalàna, ary
  - ✓ fanabeazana ara-pifidianana
  - ✓ Azo atao ny mamory vahoaka fa **tsy maintsy mahazo alalana** avy amin'ny Solontenam-panjakana, ary tsy miendrika fampielezan-kevitra izany

2.3 IREO FITSIPI-DEHIBE MIFEHY NY FAMPIELEZAN-KEVITRA

1. Fanajana ny maha iray tsy mivaky ny malagasy sy ny fihavanana;
2. Ny tsy fiandanian’ny Fanjakana, ny tsy fitanilan’ireo sampan-draharaham-panjakana ary ny tsy fahazoana mampiasa ireo fitaovam-panjakana;
3. Tsy fitanilan’ny sampan-draharaham-panjakana misahana ny haino aman-jery;
4. Tsy fiandanian’ny toeram-pivavahana;
5. Ny fitoviana sy ny fitovian’erijikan’ny kandida sy ny lisitra rehetra;
6. Fangaraharan’ny fampiasam-bola mandritry ny fampielezan’kevitra;
7. Fanajana ny maha-olona, ny hajan’ny kandida;
8. Fanajana ny fiainana manokana sy ireo mombamomba ny kandida;
9. Tsy fiantsiana ho amin’ny fankahalana sy ny fanavakavahana;
10. Fanajana ny fandriam-pahalemana;

2.4. NY TSARA HOTANDREMANA SY HAJAINA

- Voarara ny fampielezan-kevitra mialoha ny fotoana voafaritry ny lalàna (mialohan'ny faha 05/11/19)
- Voarara ny fitokanana ofisialy rehetra mandritra ny fe-potoana faharetan'ny fampielezan-kevitra
- Ny CENI sy ny Vondrom-bahoakam-paritra Itsinjaram-pahefana mahefa no manapaka ny toerana ametrahana ireo peta-drindrina momba ny fifidianana (Affichage électoral) ; ary mandritra ny fe-potoana ofisialin'ny fampielezan-kevitra irery ihany no azo ametahana azy
- Amin'ny toerana sy trano hoan'ny be sy ny maro nahazoana alalana t@ CED sy ny Solontenam-panjakana mahefa ihany no azo anaovana famoriam-bahoaka. Anaovana fanambarana mialoha (48 ora farafahakeliny) izany. Tsy azo raisina intsony ny fanambarana 72 ora mialohan' ny fifaranan'ny fampielezan-kevitra (22/05/19 misasak'alina)
- Tsy azo atao ny mametraka peta-drindrina momba ny fifidianana izay ahitana ny loko telo (3) : fotsy, mena ary maitso amin'ny sainam-pirenena Malagasy

2.4. NY TSARA HOTANDREMANA SY HAJAINA *(tohiny)*

- Tsy azo atao ny mametraka peta-drindrina eny amin'ny fefy sy ny rindrin'ny tranom-panjakana, ny trano fivavahana, ny tranom-pokonolona, ny toerana voatokana ho manan-tantara, ara-boajanahary, ara-tsiantifika, malaza na miavaka, ary eny amin'ny toerana voatokana ametrahana dokam-barotra
- Tsy azo atao ny mampiasa marika na vokatra ara-barotra ho entina anaovana fampielezan-kevitra
- Tsy azo atao ny famoriam-bahoaka ho amin'ny fampielezan-kevitra eny amin'ny trano fivavahana, toeram-piasana, tranom-panjakana na toeram-ponenan'ny miaramila
- *Fanamarihana*: Ny PCENI, ny PCEP, ny PCER, ary ny PCED no manam-pahefana manome ny fampitandremana ireo kandida izay tsy manara-dalàna eo amin'ny lafiny peta-drindrina

2.5 NY TOKONY HO FANTATRA MIKASIKA NY FAMATSIAM-BOLAN'NY FAMPIELEZAN-KEVITRA?

- Tsy maintsy manendry mpitam-bolan'ny fampielezan-kevitra ny kandida ary ny lisitry ny kandida:
  - Na dia mitovy aza ny antoko misy ny lisitra sy ny kandida Ben'ny tanàna dia fanendrena iray avy no ilaina;
  - Olona iray afaka mitana sora-bola ho an'ny Ben'ny tanàna sy ny Mpanolo-tsaina anaty fari-pifidianana iray raha antoko na vondrona iray no misy azy;
  - Olona iray afaka misahana fari-pifidianana maromaro raha antoko iray no misy azy saingy ny fanendrena dia isaky ny fari-pifidianana hatrany;
- Ampahafantarina ny CENI amin'ny alalan'ny fanaterana ny antontan-taratsy fanendrena eny anivon'ny CED fara faha tarany iray andro mialohan'ny fampielezan-kevitra ofisialy (taratasy fanendrena miaraka amin'ny fankatoavan'ilay olona tendrena);
- Ny taratasy rehetra momba ny fandaniana sy ny vola niditra ho an'ny fampielezan-kevitra dia tsy maintsy aterina any amin'ny Vaomiera mpanaramaso ny famatsiam-bolan'ny fiainana politika (CCFVP) raha tara indrindra telo (3) volana aorian'ny fanambarana ny vokatra ofisialy

2.6 IREO METY HO VOKATRA/ FIANTRAIKAN'NY TSY FANARAHAN-DALÀNA MANDRITRY NY FAMPIELEZAN-KEVITRA?

Tsy fanarahan-dalàna	Rafitra mpanara-maso	Vokany
Tsy fanarahan-dalàna ankapobeny, fandikana ireo andinin-dalàna famaizana ao @ LF 2018 - 008	CENI (agent verbalisateur)	Fitondrana ny raharaha eo anivon'ny fitsarana
Tsy fanarahan-dalàna mikasika ny peta-drindrina	CENI	- Ampitandremana (mise en demeure) - Sazy ara-bola (200 000 ar isan'andro aorian'ny fampitandremana tsy nahitam-bokany
Tsy fanarahan-dalàna mikasika ny fidirana amin'ny haino aman-jery	ANRCM (CENI)	- Maro karazana
Tsy fanarahan-dalàna azo ampiharana sazy araka ny lalàna famaizana	Fitsarana ady heloka	- lamandy, figadrana… - Tsy fahazoana milatsaka ho fidiana mandritry ny taona voafetra
Tsy fanarahan-dalàna misy fiantraikany eo amin'ny latsa-bato	Fitsarana misahana ny ady atao amin'ny fanjakana	- Fanafoanana ny vato azon'ny kandida na lisitra; - Fanafoanana amin'ny ampahiny na manontolo ny voka-pifidianana

2.7 IREO FITORIANA/ FITARAINANA AZO ATAO MIKASIKA IZANY TSY FANARAHAN-DALÀNA IZANY?

RAFITRA	ANDRAIKITRA	PAIK'ADY
CENI	AFISY, fandikana andinin-dalàna famaizana ao amin'ny lalàna 2018-008	Fitarainana an-tsoratra alefa amin'ny filohan'ny vaomiera eny amin'ny distrika
CENI (ANRCM)	Haino aman-jery	Fitarainana an-tsoratra alefa amin'ny filohan'ny vaomiera eny amin'ny distrika
Fitsarana ady heloka	Fandikana fehezan-dalàna famaizana	Fitoriana atao sosony roa ahitana ny anarana adiresy ny anton'ny fitoriana sy ny zavatra andrasana (conclusion) ary ny porofo
Fitsarana misahana ny ady atao amin'ny fanjakana	Fandikan-dalàna entina hangatahana fanafoanana manontolo na amin'ny ampahiny	Fitoriana atao sosony roa ahitana ny anarana adiresy ny anton'ny fitoriana sy ny zavatra andrasana (conclusion) ary ny porofo miatomboka amin'ny ffisokafan'ny fampielezan-kevitra ankapobeny ary mifarana miaraka amin'ny vokatra vonjimaika

3. NY FIKIRAKIRANA NY VOKA-PIFIDIANANA

3.1. NY FANISAM-BATO

- Vitaina manontolo aloha ny fanisana ny voka-pifidianana Ben'ny tanàna sy ny firaketana an-tsoratra an'izany, izay vao atomboka ny an'ny Mpanolo-tsaina

3.2. FANDEFASANA NY VOKA-PIFIDIANANA ENY AMIN'NY SRMV

- Ny Sefom-pokontany sy ny Filohan'ny Birao fandatsaham-bato eo ambany fiahian'ireo Rantsa-mangaikan'ny CENI no tompon'andraikitra (and 290 lalàna lf-2014-020 tamin'ny 27/09/2019)

3.3. FIKIRAKIRANANA NY VOKA-PIFIDIANANA ENY ANIVON'NY SRMV

- Toy izao no firafitry ny SRMV :
  - ✓ Ahitana mambra 9 : 1 Filoha (Mpitsara PSRMV), 1 PCED (Mpandrindra ankapobeny na Coordonateur), 5 Mambra tompon-toerana (VPCED, Rapporteur CED, Chef d'Antenne, PCEC sy VPCEC eo amin'ny Kaominina akaikin'ny Siège SRMV), 2 Mambra mpisolo toerana (1 Mambra CEC, 1 Mpiasam-panjakana tendren'ny Chef de District), ary rafitra mpitan-tsoratra roa
- Alohan'ny hanombohany ny asany dia tsy maintsy asehon'ny Chef CID fa « Base de données vide » no ao anatin'ny Solosaina (ordinateur) hampiasaina
- Tsy miova ireo « Logiciels » hampiasaina fa ny an'ny CENI t@ Fifidianana Solombavambahoaka ihany
- Aorian'ny naharaisany ireo antotan-taratasy farany avy any amin'ny birao fadatsaham-bato dia manana 24 ora ny SRMV andefasana ny antotan-taratasy nokirakirainy any amin'ny STRUCTURE AD'HOC eny anivon'ny Faritany.

3.4. FIKIRAKIRANA NY VOKA-PIFIDIANANA VONJIMAIKA

- Amin'ity Fifidianana kaominaly ity dia ny « STRUCTURE AD'HOC » (SA) izay Rafitra eny anivon'ny Faritany no mikirakira sy mamoaka ny vokam-pifidianana vonjimaika
- Toy izao ny firafitry ny Mpikambana ao amin'ny «SA »:
  - ✓ *Ireo « Commissaire Electoral National »*
  - ✓ *Ireo mambran'ny Rantsamangaika'ny CENI eo anivon'ny Faritra (Mambra CER) isam-paritany*
- 10 andro aorian'ny fandraisana ny antontan-taratasy farany avy amin'ireo SRMV no tsy maintsy amoahan'ny SA ampahibemaso ny voka-pifidianana vonjimaika
- Azo atao ny mangataka fampitahana ny firaketanana an-tsoratra na « Confrontation des PV » eny anivon'ny SA . Azo apetraka eny anivon'ny SRMV ny fangatahana fampitahana, izay tsy maintsy mampita izany eny amin'ny SA, na koa aterina mivantana eny amin'ny SA
- Ireto avy no afaka mangataka fampitahana: Ny kandida Ben'ny tanàna, ny loha lisitra ho an'ny Mpanolo-tsaina na ny Solontena nahazo fahefana an-tsoratra ka tsy maintsy mpifidy nandray anjara tamin'ny fifidianana

3.5. FIKIRAKIRANA NY VOKA-PIFIDIANANA OFISIALY

- Amin'ity fifidianana kaominaly ity dia ny Fitsarana misahana ny ady atao amin'ny Fanjakana na ny « Tribunal Administratif (TA) » no mikirakira sy mamoaka ny voka-pifidianana ofisialy
- 30 andro fara-fahatarany aorianan'ny namoahana ny voka-pifidianana vonjimaika no tsy maintsy amoahany ampahibemaso ny voka-pifidianana ofisialy
- Ny «TA » no mitsinjara ny isan'ny toerana azon'ny lisitry ny kandida tsirairay isaky ny fari-pifidianana ho an'ny fifidianana Mpanolo-tsaina
- Voafetra eo amin'ny fanapariahana ny isan'ny vato azon'ny lisitry ny kandida isaky ny fari-pifidianana ihany ny asan'ny SRMV sy ny SA ho an'ny fifidianana Mpanolo-tsaina
- Ny fifanolanana mikasika ny voka-pifidianana dia azo apetraka manomboka ny andron'ny voka-pifidianana vonjimaika ka hatramin'ny omalin'ny voka-pifidianana raikitra.

3.6. HOAN'IREO MPANARA-MASO FIFIDIANANA SY MPANAO GAZETY

- Mpanara-maso fifidianana :
  - ✓ Manabe sy mampahafantra ny mpifidy ny zony sy ny lalàna
  - ✓ Ny fikambanana na vovonam-pikambanana no omena « AGREMENT » na « FANKATOAVANA » fa tsy olon-tokana
  - ✓ Ny CENI FOIBE ihany no manome « fankatoavana »
  - ✓ Tsy maintsy mitondra karatra famantarana (badge MAVO) nomen'ny CENI na ny Rantsamangaikany (CEP, CER, CED)(fara fametrahana ny fangatahana ny **12/11/19)**
  - ✓ Manan-jo hahazo soson'ny fitanana an-tsoratry ny raharaham-pifidianana izay natrehiny sy nosoniaviny
  - ✓ Tsy maintsy manao tatitra 10 andro aorian'ny andron'ny fifidianana (and 197 LO 2018-008 du 11 mai 2018)
- Mpanao gazety, na orin'asan-tserasera:
  - ✓ Mandray anjara amin'ny fanabeazana sy fampahafatarana izay tokony ho fantatra marina ny @ fizotran'ny fifidianana;
  - ✓ Manaja ireo fitsipika sy fehin-kevitra fototra tokony hajaina mialoha sy mandritra ny fampielezan-kevitra (ara-drariny sy fitoviana, fahamaroana, fifanajana, …)
  - ✓ Mampita ny vaovao marim-pototra sy ara-dalàna;
  - ✓ Mahazo Badge omen'ny Foibe na ny Rantsamangaikany (MAINTSO)

4.TENY FAMARANANA

- Tanjona hatrany :
  - ✓ Ny hisian’ny « Fifidianana madio, mangarahara ary eken’ny rehetra »
  - ✓ Ny hanajana ny safidin’ny mpifidy, ny hiarovana sy hikatsahana ary hanajana ny fahamarinan’ny latsa-bato, ny hiarovana ny tsiambaratelon’ny latsabato, ny hisakanana izay mikasa hanova ny voka-pifidianana, ary ny hizoran’ny fifidianana ara-dalàna
- Ny vanim-potoana mialohan’ny fampielezan-kevitra dia tokony hifantoka amin’ireto :
  - ✓ Fahampahafantarana sy fijerena ireo toerana sy lisitr’ireo birao fandatsaham-bato;
  - ✓ Fanendrena sy fanofanana ary fanapariahana any amin’ireo BV izay ho delegen’ny kandida
  - ✓ Fananganana ny komity mpanohana na Comité de soutien ary fanabeazana ireo mpifidy sy mpanohana hanaja ny lalàna sy ny hifehy tsara ny andraikiny
  - ✓ Fametrahana ireo paik’ady hanaraha-maso ny tsy hisian’ny hala-bato eny ifotony

Commission Electorale Nationale Indépendante

CENI MADAGASCAR

MISAOTRA TOMPOKO!